Izay naheno AZAN ka niteny an’ity Doan ity hoe : Allahomma Rabba Hazihi Daawatit Tammat Wa swalatil Qaaiima Aati Mohammadan Al-Wassilat Wal Fadhilat Wab’athho Maqaaman Mahmodan Allazi Waad’taho, Dia hahazo fanelanelana avy amiko izy amin’ny andro fitsanganana (andro fitsarana)

Tatitra azo avy amin'i Jabir bin Abdollah (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : «Izay naheno AZAN ka niteny an’ity Doan ity hoe : Allahomma Rabba Hazihi Daawatit Tammat Wa swalatil Qaaiima Aati Mohammadan Al-Wassilat Wal Fadhilat Wab’athho Maqaaman Mahmodan Allazi Waad’taho, Dia hahazo fanelanelana avy amiko izy amin’ny andro fitsanganana (andro fitsarana)».

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Manazava ny Mpaminany (S.A.W) fa izay miteny rehefa mandre ny mpanao Azan aorian'ny Azan nataony : (Allahomma Rabba Hazihi Daawat) io dia teny amin'ny antso ho amin'ny vavaka izay iantsoana ny olona amin'ny Swalat, (Tammat) feno, ny antso ho amin'ny fanokanana sy ny hafatra, (Wa swaltil Qaaiima) vavaka maharitra miorina, (Aati) ary omeo, (Mohammadan Al-Wassilat) ary ny toerana ambony indrindra any an-danitra izay tsy misy mahazo azy afa-tsy izy irery ihany, (Wal Fadhilat) ny laharana ambony noho ny laharan'ny zavaboary rehetra, (Wab’anthhou) ary omeo azy (Maqaman Mahmodan) fitoerana mendri-piderana - izay hiderana izay mitsangana; Io no fanelanelanana lehibe indrindra amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty, (Allazi Waad’taho) izay nampanantenainao - tamin’ny filazanao hoe : {Angamba ny Tomponao no hanandratra anareo ho amin’ny toerana mendri-piderana} amin’ny maha Mpaminany (S.A.W) Azy. Ka izay milaza izany fitalahoana izany dia manan-jo hahazo ny fanelanelanan'ny Mpaminany (S.A.W) amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/10635